

## **PACES : Mahaiza mandrindra toy ny efa matihanina sy ny takelam-pamantaran-jotra**

Tsy tambo isaina ireo lesona hianarana ao amin'ny PACES. Ankoatr'izany, ny eny amin'ny fakioletea, mifanohitra ny eny amin'ny lisea, dia tsy misy olona hanampy na hitari-dalana anao intsony hanoro izay tokony hianarana! Saron'ny onjam-pahalalana be dia be sy ny fahafantaran-javatra izay tokony hianarana isika!

“Inona amin'izy ireo àry no tokony horaisiko”?

“Ahoana no fomba hianarako azy”?

“Aiza no hanombohana azy”?

Fony izaho mbola kilasy famaranana dia nisy mpampianatra lehibe iray niteny tamiko fa ny P1 dia “tsy inona akory fa fahaiza-mandamina”...Herintaona taty aoriana, ary nandritra ny herinandro voalohany nianarako tao amin'ny PACES, dia azoko tsara ny fahamarinan' izay nolazainy ary ny fandaminana ataoko no iray amin'ireo antoky ny fahombiazako.

Hitako fa mandalo dingana telo ny fandaminana matihanina:

***1.MAMARITRA NY TANJONA***

***2. MAMETRA NY DINGANA ARAHINA MBA HAHATRATRARANA IO TANJONA IO AO ANATIN'NY FOTOANA NOMENA***

***3.MANATANTERAKA NY ASA***

Nikendry ny handrindra sy ny hampandeha ho azy **izay rehetra tsy maintsy novitaina** ny fandaminana nataoko. Tsy hanontany tena intsony ary aho ny amin'izay tokony hianarako ny tolakandro, ny ampitso sy ny afaka tapa-bolana.

Anjaran'ny diariko ny miandraikitra izany. Ny ahy dia ny miasa ihany.

Any amin'ny faran'ny 2 na 3 herinandro any, ny fandaminana nataoko dia voafehin'ny kisary tsotra: **MANDAMINA – MANATANTERAKA – MAMERIMBERINA**


Ity lamina matipaika ity dia tsy mampahavesatra loatra ny asako satria mirindra manaraka ny lojika sy ny fahazarana.

*TANDREMO* : Tsy misy ifandraisany velively amin’ny asa atao akory ny fandaminana. Natao handrindrana sy hampandeha ho azy **izay rehetra tsy maintsy novitaina** fotsiny ihany ny tanjon’ity farany.

Aorian’ny fampianarana<sup>1</sup>, eo amin’ny A+0, no manomboka ny “vakiteny voalohany”. Mandritra io vakiteny voalohany io izay maharitra 2 -3 ora arakaraka ny lesona (TSY MIHOATRA NY 3 ORA MIHITSY), dia nezhako ny hahazo sy ny hahay betsaka indrindra araka izay azo atao.

Raha vantany vao vita io A+0 io dia efa manoratra ao amin’ny diariko aho ny A+3, A+10, A+30, A+60 (ivereno jerena ny elanelam-potoana hianarana na ny “Space-Learning”) izay fotoana tokony hamerenana mijery sy hianarana tsianjery ny lesona.

Hiendrika toy izao ny diariko afaka herinandro vitsivitsy (diariko amin’izao taona fahefatra izao 😊) !



Isan’andro, tsy mila manontany tena intsony aho ny amin’izay tokony hianarako satria efa voarindra ao anatin’ny diariko avokoa izany ! Ny hany sisa tanjoko dia ny hamita ireo asa ireo sy ny hamafa azy ireo anaty diariko!

Eny, toy ny diary tsara rehetr, azo amboarina sy ampifanarahana arakaraka ny habetsaky ny asa tokony hatao ao anatin’ny andro iray izy! Izany hoe raha misy andro iray

<sup>1</sup> - Andro (A) nandraisana ny lesona. (J + 0)

tokony hanaovako famerenana karazany enina, dia ampifanamboariko ka afindrako amin'ny andro roa na telo manaraka. (Raha lesona tokony hojerena ny 13 septambra ohatra, dia afindra ny 14 septambra, izay mba kelikely kokoa ny asa ataoko ao).

## **PACES : Ny takela-pamantaran-jotra !**

Fitaovana iray tena nanampy ahy tamin'ny PACES ny « takela-pamantaran-jotra ».

Natao io fàfana io hoan'ireo izay te hamantatra hoe aiza ho aiza izao amin'ny fianarany ny lesony.

Mifandray akaiky amin'ny diarinao izy satria ahafahana mamantatra izay tokony hatao amin'ny daty iray sy ny fotoana iray.

Kanefa, mifanohitra amin'ny diary izay milaza izay tokony hatao amin'ny andro iray sy ny fotoana ho avy, ny takela-pamantaran-jotra kosa dia ahafahanao mijery mahafao-be ny enimbolana manontolo. Ny hamantaranao, raha ny marimarina kokoa, hoe aiza ho aiza no misy anao izao!

Mampiseho anao, tsikelikely, ny lalana mbola tokony hodiavinao mandrapahatongan'ny fifaninana izy mba **hahatongavana vonona any amin'ny farany**.

Nefa ny mbola tena mahatsara ity fafana ity dia noho izy ahafahanao mitaratra ny fandrosoanao! Ary izany dia tena zava-dehibe tokoa ho an'ny moraly. 😊

Inty misy ohatra takela-pamantaran-jotra iray (izay ampiasaiko amin'izao taona fahefatra izao !):

ITEMS ECN									
1									
2	Numero item	ANCRAGE j+0	APPRENTISSAGE j+3	APPRENTISSAGE j+10	MAINTIENT j+30	MAINTIENT j+60	révision partiels	RAPPEL + 180	
3		Date : 04/08/2014	07/08/2014	14/08/2014	04/09/2014	04/10/2014			
4	222	Semaine N°: 1	Semaine N°: 1	Semaine N°: 2	Semaine N°: 5				
5		Temps : 180 min	130 min	130 min	130 min				
6		Note : 0/213	52/213	120/213	153/213				
7		0%	24,4%	56,3%	71,8%				
8		Date : 05/08/2014	08/08/2014	15/08/2014	05/09/2014	05/10/2014			
9	149	Semaine N°: 1	Semaine N°: 1	Semaine N°: 2	Semaine N°: 5				
10		Temps : 180 min	130 min	130 min	130 min				
11		Note : 0/239	50/239	144/239	189/239				
12		0%	20,9%	60,2%	79,1%				
13		Date : 06/08/2014	09/08/2014	16/08/2014	06/09/2014	06/10/2014			
14	150	Semaine N°: 1	Semaine N°: 2	Semaine N°: 2	Semaine N°: 6				
15		Temps : 130 min	75 min	75 min	80 min				
16		Note : 0/173	33/173	67/173	132/173				
17		0%	19%	38,7%	76%				
18		Date : 15/08/2014	18/08/2014	25/08/2014	15/09/2014	15/10/2014			
19	224-A	Semaine N°: 2	Semaine N°: 3	Semaine N°: 4					
20		Temps : 200 min	160 min	150 min					
21		Note : 0/245	79/245	140/245					
22		0%	32,2%	57,1%					
23		Date : 06/08/2014	09/08/2014	16/08/2014	06/09/2014	06/10/2014			
24	254	Semaine N°: 1	Semaine N°: 2	Semaine N°: 3	Semaine N°: 6				
25		Temps : 60 min	35 min	40 min	40 min				
26		Note : 0/76	19/76	50/76	56/76				
27		0%	25%	65,8%	74,50%				
28		Date : 07/08/2014	10/08/2014	17/08/2014	07/09/2014	07/10/2014			
29	337	Semaine N°: 1	Semaine N°: 2	Semaine N°: 3	Semaine N°: 6				
30		Temps : 120 min	90 min	90 min	90 min				

- Mariho ao amin'ny tsanganana voalohany ireo karazana lesona (ampiasaina eto ny laharan'ny loko : mena ho an'ny « cardio», mavokely ho an'ny « gynéco »...).
- Ao amin'ny faharoa : ny nandraisanao ny lesona voalohany A+0 :
  - Apetaho ny datin'andro.
  - Ny fotoana laninao nianarana ilay lesona.
  - Ary raha tianao, dia zoniao atao ny mandroso naoty ho an'ny tenanao ihany ahafahanao mandrefy ny fivoaranao mandritra ny enimbolana iray manontolo.
- Raha vantany vao mianatra voalohany ilay lesona ianao, mariho ao amin'ireo tsanganana hafa ny fotoana manaraka hanaovana ny famerenana indray A+3, A+10, A+30, A+60, araka ny fomba fiasa ao amin'ny « space-learning » mba hanatsarana ny fitadidianao.